


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Mpiara-miasa manan-tsaina amin'Andriamanitra

Sakaizan'i Kristy aho.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

I Adama, ilay lehilahy voalohany, dia tsy andevo, fa satria nantsoin’Andriamanitra ho mpiara-miasa manan-tsaina izy. Rehefa tian’Andriamanitra hotononina ny anaran’ireo biby, dia hoy Izy hoe, “Ry Adama, mankanesa atỳ ka jereo ireto biby ireto. Lazao Ahy izay heverinao fa tokony hiantsoana azy ireo.” Amin’ny Hebreo, ny anarana dia manondro foana ny momban’ny olona iray. Noho izany, tamin’ny fanomezana anarana ireo biby, dia tsy maintsy takatr’i Adama ny toetran’ireo sy ny fifandraisan’izy ireo tsirairay. Na inona na inona niantsoan’i Adama ny biby, dia izany no anarany. Tsy nomen’Andriamanitra anarana ny biby; Nasainy nanao izany i Adama. Nomen’Andriamanitra an’i Adama anefa ny fahiratan-tsaina sy ny fahendrena nilainy mba hamitana ilay asa. Toy izany koa, amin’ny fifandraisantsika vaovao amin’Andriamanitra ao amin’i Jesosy Kristy, dia tsy andevo isika; fa, isika kosa dia mpiara-miasa manan-tsaina amin’Andriamanitra.

Jaona 15:15 dia fanambarana mahagaga:

> "Tsy hataoko hoe mpanompo intsony hianareo, fa ny mpanompo tsy mahalala izay ataon'ny tompony; fa efa nataoko hoe sakaiza hianareo, satria izay rehetra reko tamin'ny Raiko no nambarako taminareo.”

Tsy nitana na inona na inona i Jesosy. Raha misy zavatra tsy fantatsika, dia noho isika tsy naka tombony hampahalala ny tenantsika tamin’izay nambara. Fa ny tena olana dia tonga amin'ny fanaovana izay efa fantatsika. Nanao izay rehetra nasehon’ny Ray Azy Jesosy; raha manao toy izany koa isika, dia hisy fanambarana mitovy amin'izany ho azontsika.

Misaotra Anao, Jesosy ô, fa nanavotra ahy Ianao. Manambara aho fa te hanararaotra izay rehetra ambaran’ny Tompo aho, ary hanaraka izay efa fantatro. Manambara aho fa sakaizan'i Kristy aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

© 2008 - Dries Du Plessis

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-175-MLG

Nohavaozina farany: 14 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources



© 2008 - Dries Du Plessis